**Etoki** Alice-Brenda no anarako. Nanao ny voady voalohany aho ny 22 Februoary 2015 ary ato amin'ny kôminôten'i Tiko aho, faritr'i Kamerona miteny anglisy.



Mampianatra ao amin'ny Kolejy Kristy Mpanjaka eto Tiko aho ary anisan'ny mpanentana ny antson'Andriamanitra ato amin'ny Diosezin'i Buea. Mandray anjara amin'ny fanentanana ao amin'ny Paroasy Tiko.

Ny fifandraisako amin'i Kristy no manome fahavitrihana sy hafaliana ahy. Fantatro fa eo am-panatanterahana ny asam-panirahana nankinin'ny fikambanana amiko aho dia manompo Azy ary afaka maneho amin'ireo ifaneraserako, hatraiza ny fitiavan'i Kristy azy ireo. Tena hasambarana lalina ho ahy rehefa mahita ny olona miara-miasa amiko sambatra mamaly ny fitiavan'ny Tompo azy ireo. Fa rehefa mahita olona ory na sahirana aho dia tena manohina tanteraka ahy ary malahelo aho rehefa tsy mahazo ny ampitaina aminy ny mpianatra

Ho ahy ny hoe masera ho an'ny olona miaina fahasarotana dia miezaka manakaiky azy ireo sy miseho tena marina. Mankahery azy ireo aho, manampy amin'ny alalan'ny vavaka. Ataoko izay hahatsapany fa tia azy Andriamanitra ary manana tanjona ho azy, misy dikany ny fiainany, mba itodihany any amin'ny Tompo Miaina ny fanomezam-pahasoavan'ny Fikambanana : FIOMBONANA SY FAMPIHAVANANA, fanampiana lehibe ho ahy amin'ny fanatanterahako ny asako na dia fanamby aza !



**Masera Etoki**